# Humblement agenouillés devant l'autel

Par Jeremy R. Jaggi
*des soixante-dix*

# Olona feno fanetrentena mandohalika eo amin'ny alitara

Nataon'ny Loholona Jeremy R. Jaggi
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*Lorsque nous contractons et honorons nos alliances, nous nous lions au Sauveur, en obtenant un meilleur accès à sa miséricorde, sa protection, sa sanctification, sa guérison et son repos.*

*Rehefa manao fanekempihavanana ary manaja izany isika dia mamatotra ny tenantsika amin'ny Mpamonjy, sy mandray misimisy kokoa amin'ny famindram-pony, ny fiarovany, ny fanamasinany, ny fanasitranany ary ny fitsaharany.*

Je remercie le chœur pour le témoignage rendu à travers ce nouveau cantique.

Misaotra anareo ry amboaram-peo tamin'ny tenivavolombelonareo avy amin'ny alalan'izany fihirana vaovao izany.

Le nouveau cantique de Sainte-Cène « Pain de vie, toi, l'eau vive » me touche profondément. Une strophe du cantique dit : « Mon cœur brisé je viens offrir à l'autel, baissant le front. »

Mameno ny fanahiko ilay hira vaovao ho an'ny fanasan'ny Tompo hoe: "Pain de vie, toi, l'eau vive" [Mofon'ny fiainana, rano velona].Ny andininy iray ao amin'ilay fihirana dia manao hoe: "Ankehitriny aho tonga eto anoloan'ny alitara manolotra ho Azy ny fo torotoro."

Ma compréhension de ces mots s'est approfondie peu de temps après que notre famille a quitté Newbury Park, en Californie, pour servir dans la mission d'Ogden, en Utah, en 2015. J'ai reçu une invitation à visiter la base aérienne de Layton en Utah. Je n'étais jamais allé sur une base militaire et je n'avais jamais rencontré d'aumônier de l'armée ni les hommes et les femmes qui travaillent à la sécurité et à la protection de leur pays.

Nihalalim-paka ny fahatakarako an'ireo teny ireo fotoana fohy taorian'ny nandaozan'ny fianakaviako an'i Newbury Park, Californie mba hanompo tany amin'ny misiônan'ny Ogden Utah tamin'ny taona 2015. Naharay fanasana hitsidika ny Hill Air Force Base tao akaikin'ny Layton, Utah aho. Tsy mbola nandeha tamina toby miaramila na koa efa nahita miaramila mpitondra fivavahana na lehilahy amam-behivavy miasa hiaro sy hiantoka ny fandriampahaleman'ny fireneny aho.

L'aumônier Harp, comme les milliers d'autres aumôniers bénévoles et professionnels qui servent dans nos prisons, hôpitaux et installations militaires à travers le monde, m'a inspiré et édifié. La dernière étape de la visite était le sanctuaire. J'ai demandé à l'aumônier s'il intervenait auprès de toutes les personnes qui désiraient se recueillir, prier, méditer et adorer. Il est allé vers l'avant de la chapelle et a pris une croix de derrière les rideaux. Il m'a dit qu'il utilisait la croix pour les services protestants et catholiques. J'ai demandé

Nanentana ahy sy nitondra aingam-panahy ho ahy ny Aumônier Harp izay lehilahy mpitondra fivavahana any amin'ny tafika, tahaka ireo mpilatsaka an-tsitrapo hafa sy ireo mpitondra fivavahana matihanina any amin'ny tafika an'arivony maro manompo any amin'ireo fonjanay, ary ny hôpitaly sy toby miaramila manerana an'izao tontolo izao. Ny trano fivavahana no toerana farany notsidihanay tao amin'ny toby. Nanontaniako ilay mpitondra fivavahana ao amin'ny tafika raha toa ka izy no nitantana ireo fotoam-pivori-

ce qu'il utilisait pour nos frères et sœurs juifs. Il est allé à l'autre extrémité du mur avant et a sorti une étoile de David.

J'ai alors demandé : « Que faites-vous pour les services des saints des derniers jours ? » Il a rangé ces symboles et a montré du doigt l'autel en bois au milieu du sanctuaire. Il a dit que les membres de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours préparent et bénissent le pain et l'eau sur l'autel. J'ai demandé si le large autel qui semblait fixé au sol était retiré avant les services de nos frères et sœurs juifs, musulmans, catholiques ou protestants. Il a répondu que l'autel restait en place, car plusieurs de ces confessions l'utilisent aussi à leur façon.

Abraham a construit un autel, a lié Isaac et s'apprêtait à sacrifier son fils unique quand sa main a été retenue. Il a alors déclaré, comme le Seigneur : « Me voici! » Combien de fois le grand Je Suis ou l'un de ses prophètes ont-ils répondu à l'appel par ces mots : « Me voici» ?

Dans son sermon sur la montagne, le Sauveur nous a invités à nous réconcilier avec nos frères et sœurs avant de nous approcher de l'autel. Paul a enseigné que nous sommes « sanctifiés » à l'autel par l'expiation de Jésus-Christ.

Le prophète Léhi « quitta sa maison […] et ses choses précieuses. [Puis] il construisit un autel […] et fit une offrande au Seigneur […] et rendit grâces au Seigneur. »

La Bible et le Livre de Mormon nous enseignent comment adorer le Fils de Dieu à l'autel. Pourquoi ?

Nos premiers parents, Adam et Ève, ont construit des autels et y ont adoré Dieu. Après avoir été chassés du jardin d'Éden et avoir adoré le Seigneur pendant de « nombreux jours », un ange leur est apparu et leur a posé une question

ana ho an'ireo rehetra izay naniry ny hisaintsaina, hivavaka, handinin-tena ary hitsaoka. Nandeha teo anoloan'ny efitrano fivavahana izy ary namoaka hazofijaliana iray avy tao ambadik'ireo lambam-baravarana. Nilaza izy fa nampiasainy nandritra ireo fotoam-bavaka Katolika sy Protestanta izany. Nanontany aho hoe inona no nampiasainy ho an'ireo rahalahy sy anabavy Jiosy, dia nandeha tao amin'ny efitra ambadika teny anoloana izy ary namoaka ny Kintan'i Davida.

Nanontany indray aho avy eo hoe: "Inona no ataonao ho an'ireo fotoam-pivorian'ny Olomasin'ny Andro Farany?" Napetrany ireo fitaovana mifono tandindona ireo ary nanondro tany amin'ny alitara hazo lehibe teo afovoan'ny efitrano fivavahana izy. Nolazainy fa manomana sy manamasina ny mofo sy ny rano eo ambony alitara ireo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nanontany aho raha toa ka nesorina ilay alitara lehibe izay toa efa miraikitra mialoha ny fotoam-bavaka ataon'ireo rahalahy sy anabavy Jiosy, Silamo, Katolika na Protestanta. Nilaza izy fa mijanona eo amin'ny toerany ihany ilay alitara satria ireo finoana sasany ihany koa dia mampiasa ilay alitara amin'ny fomba hafa.

Nanangana alitara i Abrahama, nofatorany i Isaka, ary efa vonona ny hanao sorona ny zanany lahy tokana izy saingy notazomina ny tanany, ary hoy izy, tahaka ny nambaran'ny Tompo hoe: "Inty aho"!Impiry ilay IZY AHO lehibe na ny iray tamin'ireo mpaminaniny no nanolo-tena hoe "Inty aho"?

Nandritra ny Toriteny nataon'ny Mpamonjy teo An-tendrombohitra dia nanasa antsika Izy ny hihavana amin'ireo rahalahy sy anabavintsika mialohan'ny hanatonantsika ny alitara.Nampianatra i Paoly fa "nohamasinina" teo ambony alitara tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika.

Ny mpaminany Lehia dia "[nandao] ny tranony … sy ny zava-tsarobidiny. … [Ary avy eo] dia nanangana alitara izy … ary nanao fanatitra … , sy nanolotra fisaorana ho an'ny Tompo."

Ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra antsika hitsaoka ny Zanak' Andriamanitra eo ambony alitara. Nahoana?

Ireo ray aman-drenintsika voalohany, i Adama sy Eva dia nanorina ary nitsaoka teo ambony alitara.Rehefa avy noroahina hiala ny Sahan'i Edena sy avy nitsaoka nandritra ny "andro maromaro" izy ireo dia nisy anjelin'ny Tompo iray

poignante qui pourrait être posée à chacun de nous : « Pourquoi offres-tu des sacrifices au Seigneur ? »

Adam a répondu : « Je ne le sais. »

La réponse de l'ange à l'humble aveu d'Adam est superbe : « C'est une similitude du sacrifice du Fils unique du Père. […] C'est pourquoi, tu feras tout ce que tu fais au nom du Fils, tu te repentiras et invoqueras dorénavant Dieu au nom du Fils. »

La table de Sainte-Cène et les autels du temple symbolisent le sacrifice de Jésus-Christ et son expiation infinie.

Quand nous contractons des alliances et les honorons en recevant l'ordonnance de la Sainte-Cène à l'église, et la dotation et le scellement au temple, nous nous lions au Sauveur et obtenons un plus grand accès à sa miséricorde, sa protection, sa sanctification, sa guérison et son repos.

## Miséricorde et protection à travers les alliances

Lorsque j'avais 15 ans, j'ai demandé à mon père si je pouvais manquer la réunion de Sainte-Cène, seulement un dimanche en janvier, à l'occasion d'un match spécial de football américain. Il a répondu que j'étais suffisamment âgé pour prendre cette décision par moi-même et m'a suggéré de réfléchir à un simple conseil. Il a dit : « Si tu décides de manquer la réunion de Sainte-Cène une fois, il sera beaucoup plus facile de refaire le même choix plus tard. »

Si le Sauveur est le grand rassembleur, alors l'adversaire est le séparateur. Lui, Satan, nous tente afin de nous éloigner de nos lieux d'adoration consacréset de la protection de Jésus-Christ. Quand nous adorons le Sauveur, nous recevons « le pouvoir de résister au courant naturel du monde». Quand nous prenons le temps de communier avec lui, nous avons la promesse d'être « délivré[s] de Satan». « Puis, si nous gardons nos alliances, il nous dote desonpouvoir fortifiant. » Oh, combien je chéris l'expérience de communier avec le Sauveur par les alliances que je fais aux autels sacrés.

niseho sy nametraka fanontaniana milentika ao am-po izay azo apetraka amintsika tsirairay avy hoe: "Nahoana ianao no manatitra fanatitra ho an'ny Tompo?"

Namaly i Adama hoe: "Tsy fantatro."

Nahatalanjona ny valintenin'ilay anjely manoloana ny fahatsapana tamim-panetrentena nasehon'i Adama: "Ity dia tandindon'ny sorona nataon'ny Lahitokan'ny Ray. … Koa hataonao amin'ny anaran'ny Zanaka izay rehetra ataonao, dia hibebaka ianao ary hiantso an' Andriamanitra amin'ny anaran'ny Zanaka hatrizao."

Ny latabatry ny fanasan'ny Tompo sy ny alitaran'ny tempoly dia tandindon'ny sorona nataon'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany tsy manam-petra.

Rehefa manao fanekempihavanana sy manaja izany isika, mandray ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ao am-piangonana sy ny fanafiana masina ary ny famehezana any amin'ny tempoly dia mamatotra ny tenantsika amin'ny Mpamonjy, handray misimisy kokoa amin'ny famindram-pony, ny fiarovany,ny fanamasinany, ny fanasitranany ary ny fitsaharany.

## Famindram-po sy fiarovana amin'ny alalan'ny fanekempihavanana

Fony aho mbola zatovo lahy 15 taona dia nanontaniako ny raiko raha toa ka afaka ny tsy hanatrika fivoriana fanasan'ny Tompo aho—Alahady iray ao amin'ny volana Janoary fotsiny mba hijerena lalao foty amerikana miavaka iray. Nilaza izy hoe efa lehibe aho ka afaka ny misafidy izany samirery ary nangataka ahy handinika torohevitra anankiray izy. Hoy izy: "Raha misafidy ny tsy hanatrika ny fanasan'ny Tompo indray mandeha ianao dia tena ho mora kokoa ny hisafidy ny hamerina tsy hanatrika izany indray."

Raha toa ka ny Mpamonjy no mpampihavana lehibe indrindra dia ny fahavalo kosa no mpampisara-bazana.Izy Satana dia mamporisika antsika mba hampanalavitra ny tenantsika amin'ireo toeram-pitsaohana voatokanasy amin'ny fiarovan'i Jesoa Kristy. Rehefa mitsaoka ny Mpamonjy isika dia mahazo "hery hanoherana ny fironan'izao tontolo izao."Rehefa manokana fotoana amin'ny fiombonana Aminy isika dia mahazo fampanantenana ny "hohafahana amin'i Satana.""Avy eo, rehefa mitandrina ireo fanekempihavanantsika isika dia hotafiany amin'ny heriny… mampatanjaka."Tena ankamamiako tokoa ny zavatra iainana rehefa miombona ao amin'ny

L'acquisition d'une compréhension de l'expiation éternelle du Sauveur, ligne sur ligne, précepte sur précepte, agit comme une vaccination spirituelle contre les ruses de l'adversaire. Les jeunes Elder Jaggi, à Mexico, Zuster (sœur) Jaggi, en Belgique, et d'autres missionnaires à travers le monde ont bien plus de chances de voir leurs amis demander les bénédictions du baptême et du don du Saint-Esprit si ces amis assistent à la réunion de Sainte-Cène dans la semaine qui suit leur premier contact avec eux.

Un jeune adulte aux Tonga ou aux Samoa a bien plus de chance d'être scellé dans la maison du Seigneur s'il s'est préparé pour sa dotation et l'a reçue peu après la fin de ses études. Pendant la dotation, les membres sont incités à vivre et à respecter cinq lois qui leur confèrent pouvoir et protection. Quand nous faisons des alliances avec le Seigneur, une relation de réciprocité se forme. Nous lui montrons notre loyauté et notre amour. Notre force et notre pouvoirgrandissent à chaque promesse faite et tenue.

## Réflexion et sanctification

Quand, humblement et symboliquement, nous nous agenouillons devant les autels du Seigneur, nous avons l'occasion de réfléchir, « arrêté[s] quant à l'orgueil de [notre] cœur, [nous humiliant] devant Dieu». Lorsque j'étais jeune, avant que je sorte avec mes amis, ma mère me disait souvent : « Rappelle-toi qui tu es et passe me voir quand tu rentres. » Il m'arrivait parfois de ne pas passer la voir quand je rentrais à la maison, car il était trop tard. Je regrette d'avoir manqué ces tête-à-tête importants avec ma mère.

Aujourd'hui, je me réjouis de mes tête-à-tête avec notre Père céleste. Dans mon rituel quotidien de culte personnel, quand je m'agenouille pour prier, à côté de mon lit ou avec ma famille, je m'imagine agenouillé devant un autel, réfléchissant à ma vie et l'examinant. Je pense à la Sainte-

Tompo amin'ny alalan'ireo fanekempihavanana atao any amin'ny alitara masina!

Ny fikolokoloana ny fahatakarana ny sorompanavotana mandrakizain'ny Mpamonjy andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipikadia mitondra fiarovana ara-panahy amin'ny fakampanahin'i Satana. Ny Loholona Jaggi fony izy misionera tanora tany Mexique, Zuster (Rahavavy) Jaggi tany Belgique sy ireo misiônera manerana izao tontolo izao dia mahita matetika kokoa fa ireo naman'ny fiangonana ampianarin'izy ireo dia mangataka hiroso ho amin'ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina raha toa izy ireo ka manatrika ny fivoriana fanasan'ny Tompo ao anatin'ny herinandro voalohan'ny fifandraisana.

Ny tanora tokan-tena iray any Tonga na Samoa dia matetika fehezina any amin'ny tranon'ny Tompo raha toa izy ireo ka niomana ary nandray ny fanafiana masina fotoana fohy aorian'ny fahazoana mari-pahaizana any an-tsekoly. Ao amin'ny fanafiana masina dia asaina ireo mpikambana mba hiaina sy hankato ary hitandrina lalàna miisa dimy izay mitondra hery sy fiarovana ny fiainan'izy ireo.Rehefa manao fanekempihavanana amin'ny Tompo isika dia miforona ny fitia mifamaly. Maneho fahatokisana sy fitiavana Aminy isika.Hitombo ny tanjaka sy ny herintsikaisaky ny misy fampanantenana atao sy tandrovana.

## Fandinihana sy Fanamasinana

Rehefa mandohalika amim-panetrentena eo amin'ny alitaran'ny Tompo isika dia fahafahana iray izany mba handinihana sy "[hahitana] fa voasakana raha ny amin'ny avonavom-po[ntsika], … [manetry ny tenantsika] eo anoloan' Andriamanitra."Mialoha ny nandehanako niaraka tamin'ireo namako fony aho mbola zatovo dia nanafatra matetika ny reniko hoe: "Tsarovy hoe iza moa ianao, ary tantarao ahy ny zavatra nataonao rehefa tonga ato an-trano ianao." Ny alina sasantsasany dia adinoko ny nitantara ny diako satria tara loatra aho vao tonga tao an-trano. Nanenina aho tsy nahavita ireo fotoana manan-danja fanaovana tatitra tamin'ny reniko ireo.

Ankehitriny dia tsindrindaona aho ny hifandray tsy tapaka amin'ny Ray any An-danitra. Eo amin'ny fomba fitsaohako isan'andro dia mandohalika mivavaka eo anilan'ny fandrianako aho na miaraka amin'ny fianakaviana ary maka sary antsaina ny tenako mandohalika eo amin'ny alitara,

Cène, aux morceaux entiers de pain, brisés et rompus pour nous, chacun étant un symbole du corps brisé de notre Rédempteur. Je me rappelle l'enseignement de Dallin H. Oaks que « chaque morceau de pain est unique, tout comme les individus qui en prennent sont uniques». Quand je m'agenouille pour prier, je réfléchis à la manière dont je peux offrir ma volonté à Dieu.

misaintsaina sy mamakafaka ny fiainako.Mieritreritra momba ny fanasan'ny Tompo aho, dia ireo tapatapa-mofo, nopotipotehina sy nosilasilahina ho antsika, ny tsirairay dia tandindon'ny vatan'ny Mpamonjy notorotoronina. Tsaroako ny fampianaran'ny Filoha Dallin H. Oaks izay nilaza hoe "ny sila-mofo tsirairay dia miavaka, tahaka ny maha-miavaka ny isam-batan'olona izay mandray amin'izany."Rehefa mandohalika mivavaka aho dia mieritreritra ny fomba hanomezako an' Andriamanitra ny sitrapoko.

David A. Bednar a enseigné : « L'ordonnance de la Sainte-Cène est une invitation sainte et répétée à nous repentir sincèrement et à nous régénérer spirituellement. L'acte de prendre le pain et l'eau n'offre pas, en soi, le pardon des péchés. Mais, si nous nous préparons consciencieusement et participons à cette sainte ordonnance, le cœur brisé et l'esprit contrit, alors nous avons la promesse que nous auronstoujoursl'Esprit du Seigneur avec nous. Et, par le pouvoir sanctificateur du Saint-Esprit et sa compagnie constante, nous pouvonstoujoursconserver le pardon de nos péchés. »

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar hoe: "ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo dia fanasana masina sy miverimberina mba hibebaka amin-kitsimpo ary mba hihavao ara-panahy. Tsy ilay hoe fandraisana fotsiny ny Fanasan'ny Tompo no manadio amin'ny fahotana. Fa rehefa miomana amin-kitsimpo sy mandray anjara amin'io ôrdônansy masina io isika miaraka amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina dia mahazo fampanantenana fa hananamandrakarivany Fanahin'ny Tompo miaraka amintsika. Ary amin'ny alalan'ny hery manamasin'ny Fanahy Masina izay namantsika lalandava dia afaka mitanamandrakarivany famelana ny fahotantsika isika."

Quand Amy et moi examinons en détail les expériences de notre vie, nous célébrons le don d'amour et de sacrifice parfaits de Jésus-Christ. Nous voyons aussi à quel point l'enfer s'est déchaîné. Comment pouvons-nous surmonter le jugement, l'anxiété, la dépression, le cancer, le diabète, le harcèlement en ligne, le vol d'identité, une fausse couche, la perte d'un enfant, d'un frère ou d'un père ? C'est parce que Jésus-Christ a pris la coupe amère d'étourdissement, la coupe de colère – pour moi, pour ma famille et pour nous tous!

Rehefa mandinika akaiky ny zavatra niainanay izaho sy Amy dia finaritra ny amin'ny fanomezan'ny fitiavana tonga lafatra sy ny sorona natolotr'i Jesoa Kristy. Hitanay ihany koa ny fomba namahana ny fahatezeran'ny helo. Ahoana no fomba handresentsika ny fitsarana ivelany, ny tebiteby, ny fahaketrahana, ny homamiadana, ny diabeta, ny fandrabirabiana ao amin'ny tamba-jotran-tserasera, ny fampiasan'ny hafa ny mombamomba ny tena manokana tsy ara-dalàna, ny vohoka naato, ny fahalasanan'ny zanaka, rahalahy na ray? Satria i Jesoa dia efa nisotro ny kapoaka mangidin'ny horohoro, ny kapoaky ny fahatezerana—ho ahy, ho an'ny fianakaviako, ho antsika rehetra!

Gethsémané, tableau d'Adam Abram, publié avec la permission de altusfineart.com © 2025

La « coupe amère» qu'il a bue dans le jardin de Gethsémané et sa souffrance « intensifiée » sur la croix du Calvairenous permettent de déposer notre dureté, notre rébellion, notre violence, nos colères et nos frayeurs sur les autels du Seigneur, et d'être continuellement « sanctifi[és] par la réception du Saint-Esprit».

Gethsemane, nataon'i Adam Abram, nahazoana lalana avy amin'ny altusfineart.com © 2025

Ilay "kapoaka mangidy"nosotroiny tao amin'ny sahan'i Getsemane sy ny fangirifiriany "nihamafy" teo amin'ny hazofijalian'i Kalvarydia mamela antsika hametraka ny mafy, ny fanaovana tsinontsinona, ny herisetra, ny hatezerana, ary ny horohoro ho eo amin'ny alitaran'ny Tompo ary "hamasinina amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina,"mandrakariva.

Patricia Holland a dit : « Ma prière la plus sincère pour vous et moi aujourd'hui est que

Nilaza i rahavavy Patricia Holland hoe: "Ny vavaka lalina ataoko ho anareo sy ho an'ny

nous renoncions complètement à nous-mêmes, et que nous nous déposions sur l'autel des promesses et de la paix de Dieu, où que nous soyons et quoi que nous ayons fait. »

tenako androany dia ny hanomezantsika tanteraka sy hanolorantsika ny tenantsika eo amin'ny alitaran'ny fampanantenan' Andriamanitra sy ny fiadanany na aiza na aiza misy antsika ary na inona na inona ny nataontsika."

## Un lieu de guérison et de repos

## Toeran'ny fanasitranana sy toeram-pitsaharana

Quand nous venons à l'autel, nous n'obtenons pas de récompense ; nous en apprenons plus sur Celui qui donne. C'est en apprenant ainsi et en nous liant à Dieu par alliance que nous obtiendrons la guérison. Néphi a dit : « Il m'a rempli de son amour, oui, jusqu'à ce que ma chair en soit consumée. » Et notre Sauveur aimant nous a lancé l'invitation : « N'allez-vous pas maintenant revenir à moi, et vous repentir de vos péchés, et être convertis, afin que je vous guérisse? »

Rehefa tonga eo amin'ny alitara isika dia tsy mandray valisoa fa mianatra momba an'ilay Mpanome valisoa.Tonga ao anatin'izany fianarana sy fifamatorana ara-panekempihavanana izany ny fahasitranana. Nilaza i Nefia hoe: "Efa nofenoiny ny fitiavany aho na dia hatrany amin'ny fahalevonan'ny nofoko aza izany."Ary nanasa antsika ny Mpamonjintsika be fitiavana hoe: "Tsy mba te hiverina Amiko va ianareo sy hibebaka amin'ny fahotanareo, ary hiova fo hahazoako manasitrana anareo?"

Quand elles étaient petites, une des histoires favorites de nos deux aînées, Mackenzie et Emma, étaitLe Monde de Narnia : Le Lion, la Sorcière blanche et l'Armoire magique. Nous aimions tous le grand Lion, Aslan. Nous avons gardé un souvenir mémorable du passage où le grand Lion donne sa vie pour Edmund. Mémorable, parce que les parents, tout comme les enfants, ont versé des larmes lorsque la Sorcière blanche a tué le lion sur la table de pierre. Mémorable, car l'espoir a perduré, malgré la tragédie, jusqu'à ce que le spectaculaire se produise. Des cris de joie ont résonné dans la petite chambre quand Aslan a été ressuscité et a dit : « Si la Sorcière connaissait le véritable sens du sacrifice, […] elle saurait que, si une victime consentante, qui n'a commis aucune trahison, mourait à la place d'un traître, la Table de pierre se briserait et la mort elle-même serait vaincue. »

Fony mbola kely ireo zanakay vavy roa voalohany, Mackenzie sy Emma dia anisan'ny tantara iray nankafizin'izy ireo nyLe monde Narnia: Le Lion, la Sorcière et l'Armoire magique. Izahay rehetra dia niraiki-po tamin'ilay liona Aslan. Ny iray amin'ireo alin'ny namakiana ilay boky tsy hay hadinoina indrindra dia rehefa nanolotra ny fiainany ho an'ny Edmund ilay liona lehibe. Tsy hay hadinoina satria latsa-dranomaso avokoa ny ray aman-dreny sy ireo zanaka vavy rehefa novonoin'ilay Mpamosavy teo ambony vato fisaka ilay liona lehibe. Tsy hay hadinoina satria na dia teo aza ny loza dia tsy foana ny fanantenana mandra-pisehoan'ny tranga nampitolagaga. Nanakoako tao anatin'izany efitrano kely fatoriana izany ny akom-pifaliana rehefa nitsangana tamin'ny maty i Aslan sady niteny hoe: "[Raha nahafantatra ny tena dikan'ny sorona ilay mpamosavy] , …dia ho [fantany] fa [raha] toa ka nisy olona tsy manan-tsiny tsy misy fitaka [maty] hisolo tena ny mpamadika iray, dia ho tresaka ilay [Vato] fisaka, ary ny Fahafatesana mihitsy no hanomboka tsy hanankery."

Jésus-Christ guérit toutes les blessures. Grâce à Jésus-Christ, nous pouvons vivre à nouveau.

Manasitrana ireo ratra rehetra i Jesoa Kristy. Manao izay ahafahantsika ho velona indray i Jesoa Kristy.

À la conférence générale d'octobre 2022, le président Nelson a raconté une visite de groupe qui s'est déroulée lors des visites guidées d'un temple. Un jeune garçon était là. Le président Nelson a enseigné :

Tao anatin'ny lahateniny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2022 dia namariparitra vondrona mpitsidika varavarana misokatra tao amin'ny tempoly iray ny Filoha Russell M. Nelson. Nisy zazalahy iray teo. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe:

« Quand le groupe est entré dans une salle

"Rehefa niditra tao amin'ny efitranon'ny

de dotation, le garçon a pointé du doigt l'autel où les personnes s'agenouillent pour contracter des alliances avec Dieu et a dit : 'Oh, c'est bien ! Il y a un endroit où les gens peuventse reposerpendant leur parcours dans le temple.'

« Il n'avait certainement aucune idée du lien entre le fait de contracter une alliance avec Dieu dans le temple et la magnifique promesse du Sauveur :

« 'Venez à moi, vous tous qui êtes fatigués et chargés, et je vous donnerai durepos.

« 'Prenez mon joug sur vous et recevez mes instructions, […] et vous trouverez durepospour vos âmes.

« 'Car mon joug est doux et mon fardeau léger' [Matthieu 11:28-30; italiques ajoutés]. »

« Le Fils de l'homme n'a pas où reposer sa tête», pourtant il invite ses disciples, vous et moi, à la table de Sainte-Cène pour qu'ils se reposent avec lui. La paix règne quand on est humblement agenouillé devant l'autel. Les bras de notre Sauveur sont tendus, sa table est prête. Venez adorer le Fils de Dieu à ses autels sacrés. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

fanafiana masina ilay vondrona mpitsidika dia nanondro ny alitara izay handohalihan'ny olona manao fanekempihavanana amin' Andriamanitra ilay ankizilahy, ary niteny hoe: -Mahafinaritra kosa izy izany. Eto no toeranafitsaharan'ny olona mandritra ny diany ato amin'ny tempoly.-

… Azo inoana fa tsy nahafantatra momba ny fifandraisana mivantana eo amin'ny fanaovana fanekempihavanana amin' Andriamanitra ao amin'ny tempoly sy ilay fampanantenana mahatalanjona nataon'ny Mpamonjy izy izay manao hoe:

"Mankanesa atỳ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareofitsaharana.

Ento ny ziogako, ka mianara amiko; … dia hahitafitsaharanaho an'ny fanahinareo hianareo.

Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako." [Matio 11:28–30; nampiana fanamafisana]

"Ny Zanak'olona tsy mba manana izay hipetrahan'ny lohany,"kanefa dia nasainy teo amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo ireo mpianany, sy izaho sy ianao mba hitsahatra eo miaraka Aminy. Rehefa "ireo olona feno fanetrentena no mandohalika eo amin'ny alitara",dia feno fiadanana ny tontolo. Maninjitra ny sandriny ny Mpamonjy antsika. Misokatra ho an'ny rehetra ny latabany. Andao hitsaoka ilay Zanakalahin' Andriamanitra eny amin'ny alitarany masina. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.